

BIBLE ET NAISSANCE DES ARTS LITTERAIRES A MADAGASCAR

par

Honoré RAKOTOANDRIANOELA



Ny hitory ny Filazantsaran' i Kristy no anton-dian' ireo Misionera mpamaky lay, koa izay handraisan' ny Malagasy ny fampianarana entiny no tena nimasoany. Tany am-piandohana dia ny havan' Andriana sy olona vitsivitsy ihany no afa-nandalina ny Baiboly noho ny tsy mbola nahaizan' ny maro namaky teny. Ireo mpianatra ireo no nampita ny fahalalany sy ny fahaizana azony tamin' ny hafa. Ary rehefa hanomboka hanoratra ireny Malagasy nahita fianarana ireny dia tsy maintsy hanako any amin' ny asa sorany ny fitaizana kristianina mifototra amin' ny Baiboly azony. Koa mahaliana antsika ny hoe : inona no anjara toeran' ny Baiboly teo amin' ny fiandohan' ny haisoratra malagasy ? Teo amin' ny fiandohana, hoy izahay, satria noferanay ho ny vanim-potoana nahatorontoronina (1818—1895) sy nahaterahan' ny haisoratra (1896—1915) ihany no anompanana izao famelabelarana fohy izao. Heverinay fa ny talaky maso indrindra amin' ny zava-dehibe natolotry ny Baiboly ho an' ny haisoratra, indrindra amin' izao fankalazana ny faha-dimampolo amby zato taonan' ny nandikana ny Baiboly ho amin' ny teny malagasy izao, dia ny tsipelina nampiasaina tamin' ny fanatanterahana izany.

NY TSIPELIN—TENIN' NY BAIBOLY SY NY HAISORATRA

Mpianatra maintimolaly tao amin' ny académie de GOSPORT ireo iraky ny LMS tonga hitory ny Filazantsara taty Madagasikara. TSangan-kevitra niom-

bonana sy notohanana tao amin' io toeram-piofanana io ny fiheverana fa ilaina dia ilaina :

- ny fianarana ny fitenin' izay firenena itoriana ny Filazantsara mba hahazoana mandika ny Baiboly ho amin' io fiteny io ;

- ny fandraketana ny fitsipi-pitenenan' io firenena io raha mbola tsy misy izany ;

- ny fanangonana voam-bolana sy fanaovana raki-bolana (1).

Tsara ofana tamin' izany tsangan-kevitra izany ry JONES sy GRIFFITHS ka tsy niroa fo nikaroka izay fomba noheveriny ho tsara indrindra handraketana antoratra ny teny malagasy. Nisy ihany tsy fitovian-kevitra teo amin' ny samy misionera sy vazaha hafa (2), nefa rehefa nenti-niaka-drova ny raharaha hanomezan-DRADAMA rainy ny heviny dia niafara tamin' ny famoahana didim-panjakana tamin' ny 28 Mers 1823, namaritana ny tsipelina hanoratana ny teny malagasy. Ary dia io tsipelina io no nentin-dry zareo mandika ny Baiboly. Tsara homarihina fa :

- rehefa voasoratra ny teny dia tsy niovaova firy intsony, nanana hevitra mazava ary niavaka ny teny tsirairay ; vokatr' izany, voatery izay ta-hanoratra hamoaka rindran-kevitra mazava

- ny fandikana ny Baiboly dia nanova na nanitatra ny hevitra ny teny malagasy sasany ary mety hitarika fiovan' ny fomba fijery izao tontolo izao mihitsy izany ;

- mety ho very ny teny sasany tsy mba voarakitra tao amin' ny Baiboly.

Hanana akony lehibe eo amin' ny tantaran' ny haisoratra malagasy izao dika sy tsipelin-tenin' ny Baiboly izao. Ny teny mantsy eo amin' ny haisoratra no « toy ny fiasana ikatrohana ary miankina aminy ny fahazavan' ny hevitra ambaran' ny mpandahatra » (3).

Io tsipelin-tenin' ny Baiboly io no nampiasain' ny mpanoratra tamin' ny androny avy. Tsy nitsaha-nivoatra io tsipelina io ary nisy fanitsiana ombieny ombieny. Ny fanitsiana lehibe indrindra dia ilay natomboka tamin' ny taona 1873 teo ambany fiadidian' i W.E. COUSINS ary niantsoana Malagasy sivilahy havanana tamin' ny fahaizana ny teny malagasy hanampy ny misionera (4) ; tsy vita io fanitsiana io raha tsy tamin' ny taona 1887 ; ary dia mbola nampalesina indray mandeha tamin' ny taona 1908–1909, ka tsy ny dikan-teny intsony no

(1) Jereo momba izany : MUNTHE (L), « La Bible à Madagascar », les deux premières traductions du Nouveau Testament malgache », OSLO, Egede Instituttet, 1969, tak. 44.

(2) Jereo : « Journal de Jeffreys », natolotr' i Jean VALETTE, tao amin' ny BAM 1967, XLV, 2.

(3) RAVELOJAONA « Literatiora » Mpanolo-tsaina lah. 19, juillet 1908

(4) COUSINS (W.E.) « Ny amin' ny Baiboly voahitsy », Antananarivo, LMS 1893.

nojerena fa ny tsipelina indrindra mba hisorohana ny fifangaroharoan-kevitra mety hitranga (5). Naely tamin'ny vahoaka izany tsipelinteny izany, tsy tamin'ny alalan'ny Baiboly voahitsy ihany fa indrindra koa tamin'ny alalan'ny gazety nivoaka fahizany (6).

Azo lazaina àry fa fiasana nahomby teo am-pelan-tanan'ny manan-talenta ity tsipelintenin'ny Baiboly ity, nahatonga azy ireo tsy hoe hanoratra tsy misy diso fotsiny ihany fa hahatakatra ny harena, ny aina sy fanahy raketin'ny teny, ary noho izany, fiasana amoahana hevitra, fisainana, fihetseham-po amampahany. Io no nampiasain'ny mpanoratra teo amin'ny fiandohan'ity taon-jato diavintsika ity, fotoana nitsimohana sy nivelaran'ny talentan'ireo mpamaky lay teo amin'ny sahan'ny haisoratra malagasy, dia ireo nantsoin-dRAVOAJANAHARY Charles hoe : «mpanoratra voamaintilany» (7) toa an-dry ANDRIAMIFIDY, ANDRIAMANANTSIETY, RAZAFIMAHEFA (rainy), RABETAFIKA, RAVELOJAONA, RABARY sy ny namany ; ary dia mbola io tsipelintenin'ny Baiboly io no angady nampiasain'ireo mpanoratra zokiny — toa an-dry STELLA (ANDRIANJAFITRIMO E.), JUPITER (RAINIZANABOLOLONA) RATSIMISETA J., TSELATRA, NY AVANA sy ireo namany tsy voatanisa niara-nihira taminy — nitrandrahana ny haisoratra malagasy ; ary dia nolovan'ireo mpanoratra zandriny (8) aty aoriana izany. Tsy vitsy tamin'ireto mpanoratra zandriny fanta-daza taty aoriana mantsy no tsy mba nianatra akory ny teny malagasy tany ampianarana, nahatsiaro izany fahavoazana izany izy ireo ka niangavy ireo zoky ray amandreny toan'ANDRIAMIFIDY mbamin-dry RABARY hampianatra azy ; toy izany ny LYS BER, HARIOLEY, RABEARIVELO (9). ANDRIAMIFIDY sy RABARY anefa anisan'ny voatendrin'ny komitin'ny isan'enimbolana hanao ilay fanitsiana ny Baiboly sy ny fihirana tamin'ny 1908–1909 (10), koa dia mazava fa ilay tsipelintenin'ny Baiboly voahitsy no nampianarin'ireto zandriny. Rehefa teo am-pelan-tanan'ny mpanoratra ary ny fitaovana fototra dia nampiasainy hoenti-manangana ny haisoratra malagasy ary teo amin'ny poezia sy ny sombin-tantara indrindra no nanombohana.

-
- (5) LEENHART–RALAMBOMAHAY, «Ny tantaran'ny Baiboly», Antananarivo, Trano printy Imerivolanitra, 1963.
- (6) Efa ity tsipelinteny voahitsy farany ity ohatra no nanoratana ny teny malagasy tao amin'ny gazety Mpanolo-tsaina nanomboka nivoaka tamin'ny 1904.
- (7) Vakio : RAVOAJANAHARY Ch. «Tantaran'ny Haisoratra 1896–1915» Antananarivo, STELARIM, 1973, tak. 24.
- (8) Ny atao hoe mpanoratra zokiny dia ireo mpanoratra niaina tamin'ny faramparan'ny fanjakana malagasy ary niampita taty amin'ny tokonan'ny fanjanahan-tany ; ny mpanoratra zandriny kosa dia ireo izay nahazo ny fanefan-tsaina taty aorian'ny 1915. RAVOAJANAHARY Charles, taorian'ANDRIANJAFINTRIMO no nandraikitra ireo anarana ireo.
- (9) Jereo : RAVOAJANAHARY Ch. «Litteratura malagasy», Fanasina lah. 555 tamin'ny 6 jona 1968.
- (10) Jereo : ANDRIANONY «Ny diarin'ny isan'enim-bolana 1868–1958», Antananarivo, Librairie Imprimerie protestante Imerivolanitra, 1958, tak. 62.

NY BAIBOLY SY NY FIANDOHAN' NY FAMORONANA POEZIA

Fitaovana lehibe nanampy ny misionera tamin' ny fitoriana ny Filazantsara ny hira. Araka ny filazan' ny mpandinika manko, «ny hira hono dia manan-kery lavitra noho ny sermôna tsara indrindra...» (11); toetra iraisantsika Malagasy rahateo ny fitiavana hira, koa dia rafitra namorona sy nampianatra hira ireo misionera mpamaky lay. Mazàna dia ireo feon-kira efa nahazatra an-dry zareo tany aminy tany ihany no namoronany tonony malagasy. Zava-dehibe izany satria rehefa hamorona ny Malagasy aty aoriana dia ireo vitan' ny misionera ireo no halainy tahaka (12).

Rehefa niamboho RADAMA I dia nandimby azy RANAVALONA I, mpanjaka leo laza tamin' ny fanenjehana ny mpivavaka. Zary heloka mahafaty ny mahakristianina ary tapitra lasa ny misionera afa-tsy ireo izay niafina, ary ity vanimpotoana ity no nisian' ireo antsoina hoe : «KRISTIANINA MAINTIMOLALY» niaritra ny fanenjehana.

Ny hira noforonin' ny misionera aloha no noventesin' ny kristianina maintimolaly tany amin' ny fotoam-pivavahana niafina nataony tany. Vetivety foana anefa dia tsapany fa tsy nahalaza ny fihetseham-po vaovao tsaroany tamin' ny andrompanenjehana ireny koa dia namorona izy. Dia namorona tokoa ry zareo araka izay notefen' ny saina amam-panahiny : tsy nandray intsony ny fampianaran' ny vahiny mivantana ny kristianina fa tao amin' ny Baiboly no nanovozany ny lalam-piainana nahahiny, ary izany no navoakany tany amin' ny tononkira noforoniny. Ary araka ny filazan-dRAVOAJANAHARY Charles dia ireo tononkira kristianina maintimolaly ireo no sangan' asa voalohany teo amin' ny haisoratra malagasy. Hita taratra tao amin' ireny tononkira ireny ny fisainana kristianina izay vaovao teo amin' ny Malagasy nefa koa dia tsapa fa fo malagasy no nipoiran' ireny tononkira ireny (13).

Raha atao indray mibika ireto tononkira maintimolaly (14) ireto dia izao no mivohitra :

— niezaka ihany ny mpamorona handrafitra andininy mitovy ;

-
- (11) RAJOHANESA Ph. «Ny fihirana malagasy», Mpanolo-tsaina lah. 82 sy 83 tamin' ny Avril—Juillet 1924.
- (12) Ahitana santionan' ny hira noforonin' ny misionera ao amin' ilay boky kely mirakitra ny «fihirana maintimolaly nohiraina tamin' ny fankalazana ny fahazato taonan' ny namonoana ny maritiora farany», Antananarivo, trano printy Imarivolanitra, 1957.
- (13) Jereo momba izany : RAVOAJANAHARY Charles «Ny vokatry ny fisainana vahiny teo amin' ny literatiora malagasy», Antananarivo, Stelarim, 1971.
- (14) Marihina fa RAMANISA Josoa maritiora sy RAINISOA RATSIMANDISA ihany no anarana voarakitra ny tantara namorona tononkira maintimolaly ; ny sisa rehetra kosa dia tsy fantatra intsony izay namorona azy fa very tadidy. Maro amin' ireo tononkira ireo no mbola voarakitra any amin' ny fihirana FFPM ankehitriny.

— ao an-tsain' ny mpamorona mandrakariva fa tononkira no ataony, izany hoe feon-kira nasiana tonony. Koa ny refin' ny feo (mesure na unité musicale) no mibaiko ny isan'ny vanin-teny isan'andalana. Vokat' izany dia izay itovitovian' ny faharetan' ny andalana (isochronie) mitovy laharana (satria mitovy feo) isaka ny andininy no nokendren' ny mpamorona. Tsy voahaja mandrakariva anefa izany : angamba ny faharetan' ny « naoty » izay azo tarihina no mameno ny banga. Vokat' io fanenjehana ny isan' ny vanin-teny io anefa dia nanjary tsy tsapa ny lanjan' ny tsindrim-peo amin' ny teny malagasy, hany ka indraindray ireo vanin-teny farany tsy tokony hitondra tsindrim-peo avy manjary mitondra.

— Ny rima moa dia mbola tsy nosaintsainina akory.

Raha ny marina dia toy ny lahatsoratra tsotra mihitsy no natao fa ny isan' ny vanin-teny no nametra ny halavan' ny andalana. Koa very ilay fingadona soa nana-nan' ny hain-teny, ny poezia manara-pitsipika ara-dalana nefa tsy vita ; ny fomba filazan-javatra maka ny fomban' ny hain-teny mampiasa ohatrohatra sy sarin-teny ary ohabolana angaha no mbola voatana indraindray (15).

Nalaina tahaka tamin' ireo tononkira vitan' ny misionera mpamaky lay ireo, hoy isika etsy ambony ; « ry zareo ireo anefa », araka ny filazan-dRAJOHANESA « dia tsy mbola nahay tsara ny teny malagasy, dia noheveriny fa fiteny tsy azo anaovana poezia na tononkira ny teny malagasy ka dia nataoatony be fahatany fotsiny ny tononkira namboarin' ny hohirain' ny Fiangonana (16) ».

Raha bangoina ary ny momba ireto tononkira maintimolaly ireto dia mby amin' ilay voalazan' i RICHARDSON hoe : « Mampalahelo ny mihevitra ireo fihirana maintimolaly ireo fa tsy azo tehirizina noho ny tononkira ao amin' ny tsy manaraka ny lalanan' ny fanaovan-tononkira na ny « versification » (17).

- (15) Ahitana izany fomban' ny hain-teny izany ohatra ny tononkira nataon-dRAINISOA RATSIMANDISA

« Tavim-bilany ny aina
Tsy hita izay hahavakisany
Fofonahandro ny aina
Tsy hita izay hahalevonany.

Toy izany koa no hita ao amin' ilay tononkira nataon-dRAMANISA Josoa hoe « Aza malaky reraka » :

« Ny aina toy ny zavona
Voasavan' ny hainandro
Ny olona voninkazo
Malazo, miraraka ».

Jereo koa momba izany : DOMENICHINI RAMIARAMANANA « Du ohabolana au hain-teny », Paris, Edition KARTHALA, 1983, tak. 117.

- (16) RAJOHANESA Ph., lahatsoratra efa voatondro

- (17) RICHARDSON, « Malagasy tononkira and hymnology », Antananarivo Annual, vol. I 1875—1878, tak. 151—163.

Tsy nijanona tamin' izao endriny izao anefa ny endriky ny tononkira fa nivoatra hatrany hatrany. Taorian' ny niambohoan-dRANAVALONA reniny dia nivoha nidanadana ho an' ny misionera indray ny varavaran' i Madagasikara, nihani-roborobo ny famoronana tononkiram-pivavahana ; ary araka ny filazan-dramatoa RANJEVA RABETAFIKA Yvette, teo anelanelan' ny taona 1869 ka hatramin' ny taona 1902 — vanim-potoana nantsoiny hoe : « taom-bolamenan' ny hiram-pivavahana — dia nisy fanontana fihirana inenina miampy fihirana misy tiona (natonta inefatra) ary saiky isaka ny fanontana dia miampy ihany ny hira voaforona (18).

Araka ny voarakitry ny tantara, vazaha misionera telo lahy no nikaroka izay hamolahana ny teny malagasy ho azo anaovana tononkira manara-dalàna dia i HARTLEY, RICHARDSON ary DHALE. Nisy mantsy fahizany ady hevitra nifanaovan' ny misionera ny almin' ny famolahana ny teny malagasy ho azo anaovana poezia na tsia. Nizara telo ny hevitra :

— teo ireo nisalasala :

— tao kosa ireo nilaza tahaka an-dry zareo « Jésuites », fa ahitana « musicalité naturelle » ny fingadon' ny teny malagasy ka tsy ilaina tapatapahina sy ampiadiana rima (19) ;

— nisy kosa ireo nilaza, indrindra ireo havanana tamin' ny fahaizana ny teny malagasy fa teny mandeha moramora sy tsara firindra ny teny malagasy ka azo anaovana poezia tsara. Ary noprofoin-dry zareo tamin' ny famoronana izany ka ilay tononkira noforonin' i HARTLEY hoe :

« Jeso mpamonjy mpiandry tokoa » (475)

no tononkira malagasy voalohany indrindra vita ara-dalàna ; ary ilay noforonin' i RICHARDSON hoe : « Faingàna ry mpanjaka » (39) no modelin' ny tononkira vita tamin' ny teny malagasy ka nahavaky vava ny vazaha nanohitra ny hevitra (20), ary dia tsy vitsy tamin' izy ireny koa no nirotsaka tamin' ny famoronana.

Fa nanampy an' ireo tononkira noforonin' izy vazaha ireo dia tao koa ilay boky kely nataon' Ingahibe SEWELL, misioneran' ny F.F.M.A. mitondra ny lohateny hoe « Poem sy fihirana anglisy » (21). Azo lazaina fa tao amin' io boky io no nandravonana sy nandraketana ny toro lalana harahin' ny Malagasy rehefa hamorona izy.

Naseho tao manko ny fombafomban' ny tononkalo anglisy : ny karazany, ny lalàna mifehy azy. Naseho tao, ohatra, fa tsy tokony ho ny isan' ny vanin-teny intsony no heverina indrindra fa ilay artsoin-dry zareo Anglisy hoe « meter » na

(18) Jereo : RANJEVA RABETAFIKA Yvette « L'influence anglaise sur les cantiques protestants malgaches », *Annale de l'Université, série Lettres et Sciences Humaines*, 1971.

(19) Jereo RABEARIVELO J.J., « La poésie des îlots dans la mer des Indes » in *Fandrosoambavao*, lah. 43 tamin' ny 06/07/32.

(20) RAJOHANESA Ph., lahatsoratra efa voatondro.

(21) SEWELL (J), « Poem sy fihirana anglisy », *Antananarivo, FFMA*, 1876.

«feet» ary dia hitan' ny mpamaky tao ireo karazana vanin' andalana fampiasa toy ny :

IU	UI	IUU	UII	UIU
trochée	lambe	dactyle	anapeste	amphibraque.

Ary hatrany hatrany dia notohanan' i SEWELL ohatra nalaina tamina tononkalo anglisy sy tononkira malagasy ny toro lalana nomeny.

Azo lazaina àry fa izany toro lalana am-boky sy ny tononkira vitan' ny misio-nera izany no namolavola ny Malagasy mpamorona tononkira ; ary tamin' ity vanim-potoana ity no nitsimohana sy nivelaran' ny talentan-dry ANDRIANAIVO-RAVELONA Josefa rainy, (nantsoin-dRAJOHANESA hoe raiben' ny poeta malagasy), ry RAJAONARY, RAMAHANDRY RAINIJOHNSON, RAINIZAFIMANGA, RAZAFIMAHEFA rainy, RABARY sy ny namany. Raha ampitahaina amin' ireo tononkira maintimolaly ny vitan' izy ireo dia efa nisy fivoarana lehibe tokoa :

- efa mitovy firafitra ny andininy tsirairay ;
- vita amin' ny andalana maty paika amin' ny ba ny tononkira ;
- efa miady rima.

Saingy rehefa tena dinihina, noterena hiditra amin' ny lasitry ny tononkalo vahiny ny tononkira malagasy ; mazàna anefa tsy mifanandrify amin' ny fingadon' ny teny malagasy ilay lasitra nampidirana azy ka mandratra sofina ery raha vakina fa tsy hiraina (22) ; ny rima amin' ny maharima azy koa etsy andaniny «zara fa

(22) Toy izao ohatra no nandrasan' i SEWELL ilay tononkira noforonin' i RICHARDSON hoe : «Misy tany mahafaly : (688)

I U / I U / I U / I U / I U
sakan-dalan(a) ady mafy

I U / I U / I U / I U
no aiehanay (i)zao

I U / I U / I U / I U / I U
Be tokoa ny mampahory

I U / I U / I U
Nefa fantatrao

Toy izao koa no nandrasany ilay tononkira noforonin' i HARTLEY hoe «Jeso mpamonjy mpiandry tokoa» (475)

I U U / I U U / I U U / I U U / I U U
Jeso mpamonjy mpiandry tokoa

I U U / I U U / I U U / I U U
Ampivereno hanarak(a) anao

I U U / I U U / I U U / I U U
Ondry mania manary ny soa

I U U / I U U / I U U / I U U
Aza avela hial(a) aminao.

Ary dia tsy misy hafa amin' izao fandrasana nataon' i SEWELL izao no azo andrasana ilay tononkira noforonin-dRAJAONARY hoe : «Ry kapiteny be ny ady manjo» (641)

izy» no betsaka azony ny mpisolo tena tampisaka —nay sy —nao mazàna no nenti-nampijoro azy.

Hatreo àry ny faritra tratran' ny mpamorona teo amin' ny faramparan' ny taon-jato faha sivy ambin' ny folo, kanefa ireo hira vita ireo hono araka ny filazan-dRAJOHANESA ihany no toy «ny jono iantsoan' ny mpitory Filazantsara ny hazan-drano hiditra ao amin' ny haraton' i Kristy (23)». Ary izany indrindra no heverinay fa ifandraisan' ny famoronana tononkira amin' ny Baiboly. Raha dinihina tokoa mantsy ny vontoaatin' ireo tononkira ireo dia azo zaraina roa miavaka tsara :

1) Na mitodika amin' Andriamanitra mivantana ny tononkira. Amin' izay izy dia toy ny vavaka. Mbola mizara rôa indray anefa ny hira vavaka :

a) mety ho vavaka tora-po ;

b) mety ho vavakà notakarina tamin' ny vavaky ny tompo na ny salamo.

2) Na mitodika amin' ny olombelona ny tononkira, efa miendrika toriteny izy amin' izany. Io indray anefa dia mbola mizara roa :

a) fitaomana ny olona hanolo-tena sy hibe-baka ary hidera an' Andriamanitra mba hahazo famonjena ilay tononkira : ny foto-kevity ny Baiboly amin' izay no toriny ;

b) manambara ny fijoroan' izay namorona azy ho vavolombelona ny tononkira, ka tsy ny Baiboly mivantana no toriny fa izay nandraisan' ilay mpamorona ny foto-kevity ny Baiboly araka izay niainany azy.

Azon' ny mpamaky/mpihaino an-tsaina tsara fa tsy fandinihana amin' ny antsipiriany ny vontoaatin' ireo tononkira ireo akory no nasehonay ; sehatra hafa, ataonay, no tokony hanaovana izany ; fa ny zava-nokendrenay tamin' izao fanazavana ankapobeny sady fohy izao dia ny hanaporofa fa nanovo tamin' ny Baiboly sy ny fitaovana natolony ny mpamorona tononkira na teo amin' ny hevitra, na teo amin' ny teny sy ny fombam-pitenenana.

Azo atao àry ny milaza fa faka nitsirian' ny famoronana poezia teto amintsika ny fitoriana ny Baiboly an-kira ka naninteraka ireo tononkira aman-jatony voarakitry ny fihirana. Tsy misalasala izahay milaza fa izao «taom-bolamenan' ny hiram-pivavahana» izao no vanim-potoana nahatorontoronina ny famoronana ny poezia malagasy araka ny endrika ahitana azy taty aoriana. Vanim-potoana nahatorontoronina, hoy izahay, satria niandry ny fiandohan' ny taon-jato faharoapolo izany vac tena teraka.

(23) RAJOHANESA Ph., lahatsoratra efa voatondro.

Taty amin' ny tokonan' ny fanjanahan-tany tokoa mantsy vao nahitana poezia tsy tononkira (24). Tao amin' ny gazety vaovao—Frantsay—Malagasy no nisantarana ny famoahana «poezia», kanefa ireo vitsy vita tany am-boalohany dia tena mbola nanao talaky mandeha tokoa ka tsy nisy azo raisina mihitsy (25). Fa nanomboka teo amin' ny taona 1906, fotoana nivoahan' ny gazety Basivava niandraiketant' ANDRIANJAFINTRIMO vao tena nivoatra sy niroborobo ny poezia malagasy. Anisan' ny dia tena nampalaky ny diany ny famololon' ny gazety fahizany (26). Tsy nahazo natao rahateo moa ny miresaka pôlitika tao amin' ny gazety raha tsy hanindrahindra ny fitondrana angaha, koa dia afaka nanome toerana malalaka ho an' ny haisoratra ny mpiandraikitra ny gazety, ary nisy isaka ny laharana nivoaka ny «pejin' ny literatiora».

Iretsy fitsipiky ny famoronana poezia manaraka ny fomba tandrefana nolovana tamin' ny tononkira ihany no nampitain-dry JUPITER sy STELLA tamin' ny tanora (27) fahizany, saingy nosivanina ka nailika izay ba tsy mifanaraka amin' ny

(24) Vitsy dia vitsy, roa monja no mba «poezia» tsy tononkira talohan' ny 1900 :

- «ny Abibin' ny toaka», nataon-d Rajaonary, Sakaizan' ny tanora, 1880.
- «Midira ao an-tranoko ry lalitra malala», nataon' izany R.B. izany tao amin' ny «Teny Soa» mai 1875.

(25) Toy izao no tarehi-marika azo omena momba ny poezia nivoaka tao amin' ny Vaovao—Frantsay—Malagasy :

Tamin' ny taona 1897: nahitana poezia 16

1898	»	»	2
1899	»	»	5
1900	»	»	2
1901—1905	»	»	00

Ireo vitsy niseho ireo no antsoinay hoe tsy misy azo raisina.

(26) Ireto avy ny gazety nivoaka fahizany, ankoatra ny an' ny misiona :

- Basivava 7 Septembre 1906 — 2 avril 1909
- Mifofo i Madagasikara 7 Juin 1907 — 10 avril 1913
- Ny Masoandro 14 Octobre 1910 — décembre 1913
- Ny Lakolosy volamena 1er Avril 1910 — 7 août 1914
- Ny trompetra volamena 15 Janvier 1915

(27) Ny resadresaka misarina fampianarana nataon-dry STELLA sy JUPITER isan-kariva tao amin' ny biraon' io gazety Basivava io no nitaiza sy nanefy ny tanora fahizany teo amin' ny famoronana poezia. Tao no nianatra nampiadry rima ny NY AVANA, RADIUM RHOSALIS, RATSIMISETA J., RAMANDIAMANANA sns. Naravon' i JUPITER tao amin' ny bokiny — «Lesona tsotsotra momba ny fianarana poezia amin' ny teny malagasy», Antananarivo, FFMA, 1914 — ny toro-lalana nomena ny tanora ; ny boky no tsy nivoaka raha tsy tamin' ny 1914 fa ny ampahan' ny vontootiny kosa efa navoaka mian-dalana tao amin' ny gazety Basivava tamin' ireo laharana faramparany (1909).

fingadon' ny teny malagasy (28). Ambonin' izany anefa dia niforona kosa ny ba tena malagasy ahitana vanin' andalana UU/U antsoinay hoe taralila, ary nofohazina koa ny kidaombarambita kidaombitè fahita tamin' ny tononkalon' ny Ntaolo (29). Ankoatra izany, raha oharina tamin' izay fahita tany amin' ny tononkira dia efa nivoatra tokoa ny rima : efa naharafitra «rima feno» ny ankamaroan' ny mpanoratra ary saiky hita daholo tamin' ity ny karazana rima rehetra eo amin' ny laharam-pisehoany (mifanjohy, mifaningotra; mifampisakambina, rima anatiny).

Ity vanim-potoana nahaterahan' ny poezia ity koa anefa dia nifanindry indrindra tamin' ny fidiran' ilay fironan-tsaina atao hoe «tsy mpino» na ny «libre pensée» teto amintsika. Nafana dia nafana tokoa fahizany ny ady antsanga nifanaovan' ny tsy mpino sy ny kristianina : anisan' ny foto-kevitra nijoroan' ny «tsy mpino» ka naseho tany amin' ny gazetiny ohatra ny fanipahana ny foto-kevitra ny Baiboly ; ny mpanoratra kristianina kosa nanao izay handresen-dahatra ny mpamaky azy hijoro hatrany amin' ny finoana. Nanitatra ny ambaindain' ny lohahevitra novoa-sana tany amin' ny haisoratra izany, tsy teo amin' ny poezia ihany fa indrindra koa tany amin' ny sombin-tantara.

NY BAIBOLY SY NY FIANDOHAN' NY SOMBIN-TANTARA

Ireo gazety rehetra nivoaka talohan' ny fanjanahan-tany dia tsy nahitana mihitsy na dia sombin-tantara iray aza. Antony roa no heverinay fa azo anazavana izany toe-javatra izany :

— Ireo gazety rehetra nivoaka fahizany dia teo am-pelatanan' ny misionera avokoa (30) ; ry zareo vazaha no nitana ny laka, tompon-kevitra sy niantsoroka tanteraka ny fanoratana tany amin' ireny gazety ireny ; tsy mba nahazo nanoratra loatra tao ny Malagasy. Raha ny gazetim-panjakana malagasy indray, na dia Malagasy

-
- (28) Vokatry ity fanivanana natao ity dia ny vanin' andalana roa firindra $\perp U$ (trochée) sy $U \perp$ (lambe) nantsoin' i JUPITER hoe tiky taky sy ny vanin' andalana telo firindra $U \perp U$ (amphibraque) nantsoiny hoe mitsaikona sisa nampiasaina ; nailika izany ny $\perp UU$ (dactyle) sy $UU \perp$ (anapeste) fampiasan' ny misionera sy ny mpianany tany amin' ny tononkira.
- (29) Araka ny filazan-dRAJOELISOLO Ch. ao amin' ny lahatsorany «l'origine et l'évolution de la poésie contemporaine malgache», B.A.M. 1958, tak. 339, dia NY AVANA no namoha voalohany ity kidaombarambita kidaombitè ity, izay tsy inona fa fampivadiana ao amin' ny andalana iray ny mitsaikona sy ny tiky taky.
- (30) momba ny gazetiny ny Misiona protestanta, jereo : SOLOHERY D.B. «Le mouvement des idées à travers les périodiques protestants en langue malgache de 1929 à 1945», Antananarivo—Strasbourg, 1976. Momba ny gazetiny ny misiona katôlika kosa, jereo BOUDOU (A.) : «La mission de Tananarive», Tananarive Imprimerie catholique, 1940, tak. 230—234.

aza no nanoratra tao dia filazam-baovao rano fotsiny. Mazava araka izany fa tery dia tery na tsy nisy mihitsy aza toerana nivelaran' ny talentan' izay ta-hanoratra. Azo lazaina fa hatreto, ankoatra ireo tononkiram-pivavahana dia mbola « moana » ny haisoratra malagasy.

— Heverinay koa anefa fa anisan' ny antony azo anazavana izao tsy fisian' ny sombin-tantara izao ny toe-javatra niseho teto amin' ny firenena. Rehefa niova fo ho kristianina ny Andriamanjaka ny taona 1869 dia zary fivavaham-panjakana ny finoana kristianina protestanta. Nanomboka teo dia nifanosona ny fahefana arapitondrana sy ny fahefana ara-pivavahana. Endrika iray nisehoan' izany ohatra ny fijoroan' ny sekolin' ny efapolo lahy : sady toerana nanofanana ny ho mpitandrina no nanefena ny ho mpanao fanjakana ambony (31), ka mazàna aza ny olona mivoaka tao no sady ray aman-dreny am-panahy no solon-tenan' ny fanjakana : toy izany ohatra ry RAINANDRIAMAMPANDRY, ry ANDRIAMIFIDY. Vokatr' izany, to teny teo amin' ny ondry nandrasany ny ray aman-dreny am-panahy ka noheverina angamba fa ampy ny teny notorina teny amin' ny pilopitra hitaizana sy handresen-dahatra ny mpino ; koa dia ny hanampiana ny mpitory amin' izany asany izany no anisan' ny tena nimasoan' ny misionera tany amin' ny gazetiny : fanabeazam-boa sy fanabeazam-boho ny Baiboly toy ny hevi-teny, ny toetry ny tany sy ny olona voalaza ao no nameno ny takilan' ny gazety ; ankoatra izany, nisy karazan-toriteny filamatra mihitsy tao mba hakan' ny evanjelista mielim-patrana eran' ny nosy hevitra (32).

Fa nony nigadona ny fanjanahan-tany dia nisaraka tanteraka ny fahefana arapivavahana sy ny fahefana ara-pitondrana. Nahaleo tena ny Fiangonana. Tsy niankina tamin' ny fanjakana intsony ny tanjaky ny Fiangonana. Nihena noho izany ny heriny : mety tsy ho to teny loatra tahaka ny teo aloha intsony ny ray aman-dreny am-panahy. Mba hanarenana ny toe-javatra ka hampatanjaka tsara ny Fiangonana ary dia nikaroka fomba hafa hitaizana sy handresen-dahatra ny mpino ny tompon' andraikity ny Fiangonana mba hanampy ny toriteny.

Anisan' izany fomba izany ny famoronana tantara kely na tantara fohy natao hananarana. Nanomboka teo amin' ny taona 1900 teo ho eo (na taloha kelin' izany) tokoa manko no nahitana ireo tantara kely miendrika sary indray mipika tao amin'



- (31) Momba ny sekolin' ny efapolo lahy, vakio : CLARK (H.) : «Tantaran' ny fiangonana eto Madagasikara, hatramin' ny niandohany ka hatramin' ny 1887», Antananarivo, FFMA, 1887.
- (32) Hoy ny matoan-dahatsoratra ny gazety Mpanolo-tsaina (L M S) lah. 1, Mai 1877 momba ny «Anton' ny gazety Mpanolo-tsaina» : «Amin' ny Mpanolo-tsaina dia be hiany ny zavatra kasaina holazaina (...) Indraindray dia sermôna lava no atao ao, ary indraindray dia maromaro hiany ny teny saro-pantarina ao izay holazaina ny heviny (...) Ny mpitory teny koa kasainy hanaovana teny, izay hahalalany tsara ny fomba mahamety ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra. Izay te ho mpitory teny mahay dia hahazo hevitra tsara amy ny Mpanolo-tsaina, ka raha dinihiny ny teny voalaza ao dia tokony ho mpiasa tsy manan-kenatra mizara tsara ny teny marina...».

ny gazety «Teny soa» (33). Raha atao indray mibika ireo tantara fohy ireo dia izao no mivohitra :

— Mitovy amin' ny foto-kevitra nenti-namorona ny angano ny foto-kevitra mitondra ny famoronana ireo tantara kely ireo : ny angano tokoa mantsy dia tsy inona fa ohabolana novelarina, na raha lazaina amin' ny teny hafa, ny ohabolana dia angano nofintinina (34). eto amin' ireto tantara fohy ireto kosa, andinina teny nalaina tao amin' ny Baiboly no misolo toerana ny ohabolana, izany hoe : natao hanazavana io andininy teny notovozina tao amin' ny Baiboly io no namoronana ilay tantara fohy (35).

— Ny vontoa-kevitra fonosin' ireo tantara kely ireo kosa dia mitovy ny fitiavan' Andriamanitra, ny tokony hibebahan' ny olona ka handraisany ny famonjen' i Kristy ary ny fitondran-tena tokony hananan' ny kristianina.

— Mazàna dia anaran' olona ao amin' ny Baiboly no entin' ny mpandray anjara fototra ary iray tarika amin' izay zavatra nihatra tamin' ilay olona mitovy anarana aminy ao amin' ny Baiboly ny zavatra mihatra amin' ilay olona fototry ny tantara.

— Ary mazàna ny fombam-pitenenan' ny Baiboly no indramin' ny mpanoratra amin' ny fitantarana ataony.

Azo lazaina àry fa ireny tantara fohy natao hananarana ireny no velovelona sombin-tantara tany am-boalohany, ary ny mpamorona azy ireny, tahaka ny fahita tany amin' ny tononkira ihany, dia nanovo tao amin' ny Baiboly sy ny fitaovana natolony, na teo amin' ny hevitra, na teo amin' ny teny sy ny fombam-pitenerana, eny hatramin' ny anaran' ny olona mpandray anjara fototra aza.

Tsy nijanona tamin' izao endriny izao anefa ny endriky ny sombin-tantara, ary mbola ny toe-javatra niseho teto amin' ny firenena ihany no fanoitra hampivoatra azy, ka hanana akony amin' izany ny Baiboly na mivantana na ankolaka :

(33) Miisa 40 eo ho eo ny tantara fohy hita tao amin' ny Teny soa hatramin' ny 1897 ka hatramin' ny 1915.

(34) Momba izany, vakio : RANDBRIAMAROLAZA L.P. «Endriky ny anjara asehon' ny rafitry ny angano», Antananarivo, *Stelaram*, 1975, tak. 15.

(35) Indreto ohatra vitsivitsy amin' izany tantara fohy izany :

- Tantaran' i Martine, Teny soa, lah. 315, janvier 1897
- Ilay voamenan-dRajosefa, Teny soa, lah. 359 octobre 1900
- Ramaria, mbola tianao ihany aho, Teny soa, lah. 364, mars 1901
- Ny fiarovan' Ingahy Davida, Teny soa, lah. 366, mai 1901
- Baiboly nosasahin-droa, Teny soa, lah. 374, janvier 1902
- Mifamela heloka, Teny soa, lah. 411, février 1905
- Aoka ho mahatoky, Teny soa, lah. 451, juin 1908

Matetika anefa dia tsy voalaza ny mpamorona ny tantara, manomboka tany amin' ny taona 1903, vao niseho ny anaran-dry RAINITOVO, RAJAFETRA, RAJAONA G.A., RAOSETA J., RAMINOSOA J.

Teo amin' ny fiantombohan' ity taon-jato diavintsika ity dia nibosesika ny fidity ny zava-baovao : ny fiainana sy fomba nentin' ny vazaha, ny lamina teo amin' ny fiaraha-monina vokatr' izany. Anisan' ireny zava-baovao ireny ny fironan-tsaina « libre pensée » (36) efa natsiditsika tetsy ambony :

Ny 23 Décembre 1905 no tonga teto nisolo an' i GALLIENI i Victor AUGAGNEUR. « laïque », « franc maçon » ary nitsangan-ko fahavalon' ny Fiangonana hatry ny ela izy (37). Nitratrevatreva fihetsika ity governora jeneraly ity nanao izay rehetra azony natao hanelingelenana sy hanakanana ny asan' ny misiona na teo amin' ny fampianarana (38), na teo amin' ny Fiangonana (39), na teo amin' ny fikambanana kristianina (40). Notohanan' ny fanjakana ity fironan-tsaina « tsy mpino » ity ka nahazo olona, nahazo gazety, dia ny gazety « Mifoha i Madagasikara » (7 juin 1907—10 Avril 1909) izay nodimbiasan' ny gazety « Ny masoandro » (14 octobre 1910—Décembre 1913).

Karazan' olona samy hafa no niara-niasa tao amin' ny gazety « Mifoha i Madagasikara » : tao ny mpanao fanjakana, ny manao asa ho an' ny tenany na amin' ny kaompania ; izy ireo ilay nantsoina hoe « vazaha antra olona » na ny « libéraux tany Frantsa ; nanampy azy tao ny « libres penseurs ». Tsy dia ny momba ny firoana loatra anefa no nampiray an-dry zareo fa ny firehan-tsaina sy pôlitika ito-viana : « laïque » ry zareo, izany hoe mitady izay isarahan' ny fitondram-panjakana sy ny Fiangonana ; koa ny famelivelezan' ny misiona sy ny asany no tena nima-soana tao (41).

-
- (36) Momba ny « libre pensée », vakio : RAKOTONDRIANOELA (H.) « Ny fihetsiky ny avara-pianarana manoloana ny teti-pitondran' ny mpanjana-tany araka ny ahitana taratra azy ao amin' ny gazety Mpanolo-tsaina 1904—1915 », Antananarivo, Stelarim, 1981, toko II, tak. 132—207.
- (37) Momba izany, vakio RICHARD (Ch.), « Le gouvernement de Victor AUGAGNEUR, 1905—1910, thèse de doctorat de 3e cycle, Paris, 1969.
- (38) Hatramin' ny 20 Mai 1907, dia 110 no isan' ny sekolin' ny misiona nakatona, ary 1000 ny akanin-jaza (Fiangonana navadika ho sekoly amin' ny andavanandro)
- (39) Hatramin' ny 1906 dia nolavina ny fangatahan' ny Misiona hanorina trano fiangonana vaovao, ary tamin' ireo efa nitsangana aza nisy nakatona.
- (40) Tamin' ny 7 juin 1898 no naorin' i DUCOMMUN ny fikambanan' ny tanora kristianina : misionera avy amin' ny « mission de Paris », LMS, anglikanina, miampy ireo mpi-tandrina avy amin' ny Fiangonana 9 trano teto Antananarivo sy ny mpampianatra tamin' ny sekolin' ny misiona prôtestanta no mpikambana tao. Mafimafy ihany ny fiantraikan' ny fanafoanana ity fikambanana ity ho an' ny mpikambana, indrindra moa fa nandefa an-DRAVELOJAONA hiofana amin' ny fitaizana tanora tany Frantsa ny fikambanana no sady namory vola hividianana trano atao foiben-toerana. Momba ireo, jereo MONDAIN (G.) « Angoisses et délivrances », Paris, société des missions évangéliques 1926, toko XI, tak. 245.
- (41) Momba ny gazety Mifoha i Madagasikara, jereo RAVOAJANAHARY (Ch.) « Tantaran' ny haisoratra 1896—1915, Antananarivo, Stelarim, 1973, tak. 31—35

Ry zareo tao amin' ny gazety «Ny masoandro» kosa dia «laïque» araka ny hevitra ny teny hoe manohitra ny Fiangonana eo amin' ny lafiny finoana (42), koa dia tao no tena nanehoan' ny «libres penseurs» ny heviny momba ny finoana ary anisan' izany ny fitsipahana ny fisian' Andriamanitra sy ny fanozongozonana ny foto-kevitra ny Baiboly (43) ary ny fanandratana avo dia avo ny siansa ho mahefa ny zavatra rehetra (44).

Marihinay tsara fa tsy hoe nisaraka fotsiny ny fitondram-panjakana sy ny Fiangonana fa nisy mihitsy disadisa teo amin' ny fifandraisana (45). Nazava tsara tamin' ny Fiangonana fa ny fanjakana no tao ambadiky ny «libres penseurs», tsy nahitana faniniana mivantana ny fihetsiky ny mpitondra anefa tany amin' ny gazety kristianina ; tsy ho azo natao rahateo izany noho ny hahenjan' ny fitondrana. Koa dia ny famotehana ny hevitra nijoroan' ny «libres penseurs» tany amin' ny gazetiny no nimasoan' ny mpanoratra kristianina.

Tsy tambo hotanisaina eto ireo lahatsoratra famoaboasan-kevitra matombina (46) nanehoana fa :

- tsy mifanipaka akory ny siansa sy ny finoana fa mifanazava, mifameno ary miara-miasa hanasoa ny olombelona ;
- misy Andriamanitra ary ambony ny toetrany sy ny asany ;
- ny fitsipi-pitondran-tena nosoritan' ny Baiboly dia ambony lavitra noho ny fitsipi-pitondran-tena hafa rehetra (ao anatin' izany ny fitsipi-pitondran-tena

- (42) Vakio ohatra ireto : «laïque, Ny Masoandro, lah. 2, 21/10/910
«Inona no atao hoe laïque, » lah. 124, 28/02/1913
«Tsy matahotra an' Andriamanitra » lah. 101
- (43) Vakio momba izany ohatra ireo tanisaina manaraka ireto :
«l'idée d'un Dieu créateur est absurde» Ny Masoandro lah. 90, 5/07/1912
«Non, Dieu n'est pas», Ny Masoandro, lah. 89, 28/06/1912
«Ny mena miraviravy», Ny Masoandro, lah. 122, 14/02/1913
«Ny maha-saina miforona ny Andriamanitra ny kristianina», Ny Masoandro, lah. 131, 18/04/1913
«Rahoviana vao hisy Andriamanitra ?», Ny Masoandro, lah. 120, 31/01/1913
«Ny Baiboly», Ny Masoandro, lah. 55, 3/11/1911.
- (44) Momba ny fanandratana ny siansa, jereo :
– ny matoan-dhatsoratra Ny Masoandro, lah. 1, 24/10/1910
– «Ny libres penseurs, » lah. 51, 7/10/1911
– Ny olombelona sy ny fahafatesana », lah. 48, 15/09/1911
- Tao amin' ny lah. 50 tamin' ny 20/09/1911 aza dia nisy laha tsoratra niezaka hanazava amin' ny alalan' ny siansa ny fahagagana sasany hita ao amin' ny Baiboly toy ny tamin' ny fisintonan' ny ranomasina tamin' ny nitan' ny zanak' Israely ny ranomasina mena.
- (45) Ny mpiasam-panjakana ohatra dia voarara tsy hahazo mitana andraikitra ao am-piangonana, ary tsy azo natao ny namelona lakolosim-piangonana.
- (46) Tao amin' ny gazety Mpanolo-tsaina fotsiny, teo anelanelan' ny taona 1906–1915, niisa 54 ary nifarimbomana mpanoratra 20 mianaka ireo lahatsoratra namotehana ny hevitra ny «libres penseurs».

«laïque») ary manafoana ireny hafa ireny tahaka ny «anafoanan' ny masoandro ny fahazavan' ny jiro (47).

Ankoatra ireo lahatsoratra famoaboasan-kevitra ireo, tsapan' ny mpanoratra kristianina noho ny toe-javatra niainany fa tsy ampy intsony irony tantara fohy nenti-nanazava andinina teny nalaina tao amin' ny Baiboly fahita tany amin' ny «Teny soa» irony ; tsaroany miandalana teny fa ilaina ny hampiseho mihitsy sombim-piainan' olona eo amin' ny tantara izay hataony mba handresen-dahatra sy hitaizana ny mpamaky. Koa dia teraka teo ny famoronana sombin-tantara. Tsy ny sombin-tantara amin' ny maha-sombin-tantara azy akory no zava-dehibe tamin-dry zareo mpamorona tany am-boalohany. Fiasana tahaka ny lahatsoratra famoaboasan-kevitra no niheverany azy, fiasana mety hahomby kokoa amin' ireo olona tsy zatra manadihady hevitra amin' ny saina fa singorin' ny fo kokoa ; koa indraindray mifamahofaho ao ny sombin-tantara sy ny famoaboasan-kevitra ary ny anatanatra. Raha ny marina sombin-tantara natao hanohanana tsangan-kevitra na ilay antsoin' ny vazaha hoe «nouvelle à thèse» ireto sombin-tantara santatra ireto.

Tsy nisy akory fahizany toro lalana na fampianarana mandrafitra sombin-tantara toy ny nataon-dry JUPITER sy STELLA tamin' ny poezia fa samy nanao izay saim-pantany. Nisy aza sombin-tantara sasany, ireo mitohitohy, tsy vitan' ny mpanoratra azy tanteraka alohan' ny amoahana azy fa isaka ny hivoaka ny laharan' ny gazety manaraka vao mamorona ny tohiny izy (48). Na dia tsy nisy fitsipika raikitra aza anefa, dia nisy ihany lasitra niraisan' ny mpamorona ireto sombin-tantara santatra ireto na teo amin' ny endrika sy rafitra na teo amin' ny vontoa-tin' ny sombin-tantara :

— teo amin' ny endrika sy rafitra, ny fomba nandrafetan' i John BUNYAN ny «Pilgrim's progress», izay nadikan' ny misionera tamin' ny teny malagasy ary nivoaka tao amin' ny Mpanolo-tsaina nanomboka ny volana Novembre 1877 (49) no nalain' ny mpamorona sombin-tantara lasitra, ary indreto avy izany :

-
- (47) Teny nampiasain-dRAJAOBELINA J.W. tao amin' ny lahatsoratra hoe : «Boudha sy ny angano ilazana azy», Mpanolo-tsaina lah. 33, janvier 1912.
- (48) Tahaka izany ohatra : RAZAKA (H.), «Ingahindriana» : tao ao amin' ny Mpanolo-tsaina volana juillet sy octobre 1905 no nivoaka ny tapany voalohany, roa taona taty aoriana, janvier 1908 vao tapa-kevitra namarana azy ny mpanoratra.
- (49) Mizara roa ity tantara ity : ny tapany voalohany dia mampiseho ny tantaran' Kristianina torotoro fo noho ny fahotany ka niainga nandeha nivahiny ary namela ny vady aman-janany hitoetra ao amin' ny tananan' Ifanimbana. Io fizarana voalohany io dia nœly tamin' ny alalan' ny tirakita tamin' ny kristianina maintimolaly faha-andrompanenjehana. Ny fizarana faharoa kosa dia mampiseho ny tantaran-dRakristianina (vadin' kristianina) sy ny zanany izay niova saina koa ka nandeha nivahiny. Io fizarana faharoa io no naseho tao amin' ny Mpanolo-tsaina. Momba izany, jereo teny fanolorana ny «fandehan' ny mpivahiny, Mpanolo-tsaina lh. 3, Novembre 1877.

– Ankoatra ny filazana tsotra ny fandehan' ny tantara dia misy resaka ifanaovan' olona anehoana ny toe-tsainy sy ny fihetseham-pony ;

– Ny anaran' ny olona sy ny tanàna na faritany onenany dia maneho avy hatrany ny toetoetrany sy ny asany : miteny ho azy ohatra ny hevitra raketin' ny anaran-dry Rakristianina, Ramiantra, Rahendrisaina, Ramangina, ary fantatra avy hatrany fa olona ratsy toetra sy kamo ny mponina ao amin' ny tananan' Ifanimbana ao amin' ny «fandehan' ny mpivahiny». Dia mba toy izany koa no nampiasain' ireto mpanoratra sombin-tantara santatra ireto. Eto anefa misy mahasamy hafa ihany ny mpanoratra kristianina sy ny mpanoratra «libres penseurs» :

– ho an' ny mpanoratra kristianina, ny toetra sy ny asa no tena nomena lanja : miteny ho azy ohatra ny anaran-dry Rabevilany sy Ramiadana vadiny ao Mahabotriakoho faritanin' Imahazina (RABETAFIKA (J) «Nankaiza ny tanteliko teto» Mpanolo-tsaina lah. 7 juillet 1905) ; toy izany koa ry Rabevola sy Ratsimitenilany ray aman-drenin' Andriamihanta (P. RAZAFINDRAMAKA «Ikomandà» Mpanolo-tsaina lah. 10, Avril 1906).

Ho an' ny mpanoratra «libres penseurs» kosa, amin' ny maha-mpiantehitra azy amin' ny zavatra hita maso, dia nampifanentanina amin' ny bika aman' endriky ny mpandray anjara ny anarana nasalotra azy : tahaka izany ohatra ry Baovola, tovovavy maradona sady ranjanana no zanaky ny mpanana, ry Barimalanto Rakotomanga, tovolahy tsara tarehy sy tsara toetra araka ny fahatsoran' ny fijeriny sy ny halemy paikan' ny fihetsiny (RALI James «Baovola» Basivava 29/10/1906) ; ry Ravoninjatovo, tovolahy tsara tarehy ao anatin' ny fivelaran' ny hatanorany (RAVOAJANAHARY ALphonse «Andraozikely» Vaovao—Frantsay—Malagasy 30/11/1906).

Eò amin' ny vontoa-tin' ny sombin-tantara kosa, ny antony nandikan' ny misio-nera ny «Fandehan' ny Mpivahiny» dia ny hampiseho amin' ny Malagasy ny fiainan' ny kristianina andavanandro mitolona amin' ny fahotan' izao tontolo izao. Azo lazaina fa notakarina avy amin' izany koa ny vontoa-tin' ireo sombin-tantara santatra nosoratan' ny mpanoratra kristianina : maneho ny endrika ahitan' ny kristianina izao tontolo izao anjakan' ny ota (50).

Mazana eny am-piandohan' ny sombin-tantara no ahitana ireo olona mpandray anjara fototra manana toe-piainana feno : voataiza tamin' ny fivavahana kristianina, tsara fianarana, manana ny ampy raha tsy manan-karena mihitsy aza. Tsy naharitra ny mena miraviravin' ny ota anefa izy ireny fa tao ny nandevozin' ny toaka (51),

(50) Jereo momba izany : RAKOTOANDRIANOELA (H.). «Ny fihetsiky ny avara-pianarana manoloana ny tetim-pitondran' ny mpanjana-tany araka ny ahitana azy ao amin' ny gazety «Mpanolo-tsaina 1904—1915, boky efa voatondro tak. 70 - 81.

(51) Jereo ohatra :

RASOA «Raketaka zandriko», Mpanolo-tsaina lah. 2, 3, 4, 5, 1904—1905

RAINIZAIVELO «Solanga mihajoko», Mpanolo-tsaina lah. 36, oct. 1912

RAZAFINDRAKOTO «Hay raki-malalako», Mpanolo-tsaina, lah. 31, 07/1911

ny loka (52), ny lamôdin-kaingo (53), ny lamôdin-kevitra na ny « libre pensée » (54). Vokany : 'tsy nahay nitantana ny harena ny ankamaroan' izy ireny ka ratsy fiafara mandrakariva, ka na izy borona, na misaringo-boridamba, na lasa adala, na maty mahantra. Anisan' ny antony iray lehibe nahatonga izany dia ny tsy fiorenana tanteraka amin' ny fivavahana kristianina :

Naseho mantsy fa na inona na inona hafenoan' ny hasambarana ao an-tokantrano, rehefa tsy ao Andriamanitra tsy maintsy mikororosy fahana ; naseho koa fa ireo olona voataiza tamin' ny fivavahana ka nanorina ny fitsipi-pitondran-tenany tamin' ny Baiboly dia nahasedra ny fitsapana rehetra, tsy voazeran' ny tafio-dri-votry ny tsy tia, na dia solafaka aza tany am-boalohany, tafarina ihany any amin' ny farany (55) ; ireo matanja-pinoana kosa moa dia efa « lanitra an-tany » araka ny lohatenin' ny sombin-tantara noforonin' i B. RAZANADRAVELO ny fiainany (55). Ary hoy RABARY raha milaza ny tokantrano-dRajaona sy Rasoafara, ireo mpandray anjara fototra amin' ilay sombin-tantara « Tsy ary volamena akory izay rehetra mamiratra » hoe : « tokantrano paradisa fa izy mivady mifankatia, ny zanany hendry, ny harena misy satria NY BAIBOLY NO FITSIPIKA ARAHIN' IZY MIANAKAVY (56).

Ho setrin' ireo sombin-tantara noforonin' ny mpanoratra kristianina ireo koa anefa dia mba nirotsaka tamin' ny famoronana sombin-tantara anohanana tsangan-kevitra koa ny « libres penseurs » : tao amin' ny gazety « Ny Masoandro » ohatra dia naseho tao amin' ilay sombin-tantara hoe « ny nahatonga ahy ho « libre penseur » fa ny nampivadika ity tovolahy iray be finoana, tia vavaka, hanjary ho « libre penseur » dia vokatry ny tsy nahazoany valim-bavaka tamin' izay rehetra nangata-hiny tamin' Andriamanitra (57). Vitsy dia vitsy anefa ny sombin-tantara toy izany, fa ny tena nampivavaka ny mpanoratra « libres penseurs » dia ny sombin-tantara, tsy anohanana tsangan-kevitra loatra, fa ireo teraky ny eritreritra (littérature d'imagination) :

-
- (52) RAZAFINDRAKOTO « Ilay tokantrano maizina, Mpanolo-tsaina, lah. 47, juillet 1915
RAVELONAHINA (Ed.) « Sitra-po novidina aina, Mpanolo-tsaina, lah. 46, Avril 1915
- (53) RABARY, « Tsy ary volamena akory izay rehetra mamiratra », Mpanolo-tsaina lah. 1, janvier 1904
RAZAFINDRAMAKA (P.) « Ikomandà », Mpanolo-tsaina, lah. 10, avril 1906
RABETAFIKA (J.), « Nankaiza ny tanteliko teto », Mpanolo-tsaina, lah. 7, juillet 1905
R.R. « Ny fandimoo no lavabarinay », Mpanolo-tsaina, lah. 11, juillet—oct. 1906
RAZAFINDRAMAKA (P.) « Razaka voatondro iray », Mpanolo-tsaina, lah. 17, janvier 1908
- (54) RALISOA « Ravao mahantra », Mpanolo-tsaina, lah. 29, janvier 1911
- (55) RAZANAMINO (E.), « Nitsangana tamin' ny maty », Mpanolo-tsaina lah. 30, avril 1911
(55 bis) RAZANADRAVELO (B.) « Lanitra an-tany », Mpanolo-tsaina lah. 29 Janvier 1911.
- (56) Izahay no nanipika
- (57) « Ny nahatonga ahy ho « libre penseur », Ny Masoandro, lah. 77 sy 78 tamin' ny 5 sy 12 avril 1912
- Jereo koa : « Aoka izay », Mifoha i Madagasikara, lah. 44 sy 45 tamin' ny 10 avril sy 17 avril 1908.

Ho setrin' ireo sombin-tantara kristianina mifono anatra, miendrikendrika serimônin' ny mpitory, dia nisarika ny mpamaky hitodika amin' ny «zavatr' izao tontolo izao» ry zareo mpanoratra «libres penseurs» ary anisan' izany ny «fitiavana». Tamin' ireny sombin-tantara (58) ireny anefa dia nivantambatam-piteny ry zareo (59). Nampangain' ny mpanoratra kristianina ho mamahana ny mpamaky tantara «vetaveta» (60) ry zareo, koa rehefa miresaka momba ny fitiavana kosa ny mpanoratra kristianina dia nosarontsaronana tamin' ny lolo sy ny voninkazo izany, tsy teo amin' ny sombin-tantara ihany fa indrindra tany amin' ny poezia.

Tsy nateza ity fironan-tsaina «libre pensée» ity : ny fanenjehana ny Fiangonana no tena fototry ny asany, raha mbola notohanana' ny fanjakana izy dia nirobobo. Nahatonga korontana teto izany. Nony lasa i AUGAGNEUR ka nosoloan' i PICQUIE, ny ady lehibe voalohany efa nananontanina, nilaina ny hampandry saina sy hanambatambazana ny vahoaka (61), dia natsahatry ny fanjakana ny fanenjehana ny Fiangonana ary dia nitsaha-ketrika ohatra ny sosoa voatapo-drano ny «libres penseurs». Fa teo amin' ny literatiora kosa dia izao no nitoetra :

Ilay ady antsanga nifamaliana an-gazety nifanaovan' ny «tsy mpino» sy ny kristianina no anisan' ny loharano nipoiran' ny famoronana sombin-tantara teto amintsika ; Nokendren' ny mpamorona ireny sombin-tantara ireny indrindra ny handresy lahatra ny mpino hiorina mafy amin' ny finoany ka hanovo ao amin' ny Baiboly ny fitsipi-piainany. Ny finavian' ny mpanoratra «libres penseurs» hihoatra ny fefy najoron' ny Fiangonana kosa dia nanitatra ny tara-kevitra novoasana tany amin' ny haisoratra.

Ndeha àry hofehezina ny teny. Raha aravona izay voalaza dia izao no azo amaliana ny fanontaniana napetratsika teny am-boalohany :

– tany am-piandohana, ny Baiboly no toy ny rakitra nitahiry ny teny malagasy voasoratra ary nanolotra izany ho fitaovana teo am-pelan-tanan' ny mpanan-talenta mba hanakarany ny aina sy fanahy raketin' ny teny ho azony folahiny hamoahana izay tiany hambara ;

– ny hanampy amin' ny fitoriana Filazantsara no nitsirian' ny hevitra hamorona hira, ary ny aifa nameloman' ny mpamorona ny tononkira, sangan' asa voalohany teo amin' ny haisoratra malagasy, dia notovozina tao amin' ny Baiboly ;

(58) Tsy mba fohy ireto sombin-tantara ireto fa mitohitohy amin' ny laharan-gazety mifanesy. Tsy voavaka tao an-tsain' ny mpamorona koa fahizany ny hoe sombin-tantara (Nouvelle) sy ny tantara voatra (roman), ary matetika aza antsoin-dry zareo hoe «roman» ny sombin-tantara.

(59) Ohatra, hita ao amin' ilay sombin-tantara hoe «Andraozikely» ny teny hoe : «Miankina amin' ny soroky ny tiako aho... Raha mijery ary indray mandeha monja izy dia nampihorohoro ny taolako sy ny hozatro rehetra».

(60) Teny nampiasaina fahizany mihitsy io.

(61) Marihina fa araka ny lalana iraisam-pirenena dia tsy azo terena handeha hiady ny olon' ny zanatany raha tsy araka ny sitra-pony.

– toy izany koa, ho fanabeazam-boa ny Baiboly no niforonan' ireo velovelona sombin-tantara, tantara fohy natao hananarana ;

– ny fiarovana ny foto-kevitra ny Baiboly tsy ho voahozongozon' ny mpamenjika no anisan' ny loharano nipoiran' ny famoronana sombin-tantara ; ary ny hafatra nampitondraina azy ireny kosa dia tsy hafa fa fijoroan' ny mpamorona ho vavolombelona, ary izay nandraisan' izy mpamorona ny Baiboly no navoakany ho fitaomana ny hafa hifikitra amin' ny finoana ;

– ary farany, ny fanoherana ny Baiboly dia zary fanoitra nampivelatra sy nani-tatra ny tara-kevitra-novoasana sy hovoasana any amin' ny haisoratra. Literatiora kristianina no azo amaritana ny literatiora malagasy teo amin' ny vanim-potoana nahaterahany, ny ankamaroan' ny mpanoratra rahateo, mpitondra Fiangonana na taizan' ny Fiangonana. Tsy hijanona amin' izao endriny izao ny haisoratra fa tsy maintsy hivoatra ary ataonay fa hahitana taratra izany indrindra ny-famelabelarana manaraka rehetra hataon' ireo namana mandritra ity fankalazana miaraka ny fahadimy amby roapolo taonan' ny toeram-pianarana teny aman-tsoratra sy ny fahadimy amby zato taonan' ny nandikana voalohany ho amin' ny teny malagasy ny Baiboly izao.